“Hitanareo ve fa raha nisy renirano teo am-baravaran’ny anankiray aminareo izay nandroany in-dimy isan’andro, moa ve sahy hilaza ianareo fa mbola tavela loto eo aminy

Tatitra azo avy amin'i Abo Horaira (R.A) niteny : Izaho dia nahare an'ilay Irak'allah (S.A.W) niteny manao hoe : “Hitanareo ve fa raha nisy renirano teo am-baravaran’ny anankiray aminareo izay nandroany in-dimy isan’andro, moa ve sahy hilaza ianareo fa mbola tavela loto eo aminy? Hoy izy : Tsy hisy loto tavela intsony eo aminy, dia hoy ny Mpaminany (S.A.W) : “Toy izany ny vavaka dimy isan’andro, izay hamafan’i Allah ny ota.”

[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Nampitovin'ny Mpaminany (S.A.W) tamin'ny renirano iray teo am-baravaran'ny olona iray ny vavaka dimy isan'andro sy ny alina amin'ny fanesorana sy fanafoanana ny ota madinika, ka tsy misy na inona na inona intsony mbola mitoetra aminy, na ny fahalotoany.

http://www.sunnah.global/hadeeth/mg/show/4968